# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Jona 2020

# 19 Zoma jona

**Fa Andriamanitry ny fiadanana hanorotoro an'i Satana faingana eo ambanin'ny tongotrareo. Ho aminareo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontsika.** Romana 16. 20

## Efa resy ny devoly (2)

Satana dia tsy afaka nanao na inona na inona tamin'i Jesosy. Nivoaka ho mpandresy Jesosy, tamin'ilay fakana fanahy mampihoron-koditra tany an-taniefitra (Matio 4. 1-11). Tsy nisy hirika, na kely aza, nahafahan'ny devoly nikasika Azy. Taloha kelin'ny nanomboana Azy teo amin'ny hazofijaliana, dia hoy Izy tamin'ny ireo mpianany : „Avy ny andrianan'izao tontolo izao, nefa tsy manana na inona na inona ato amiko izy" (Jaona 14. 30). Tsy fandresen'i Satana tsy akory ny nahafatesan'i Jesosy, fa mifanohitra amin'izany aza : tamin'ny fahafatesany no nandringanan'i Kristy „ilay manana ny herin'ny fahafatesana, dia ny devoly" (Hebreo 2. 14). Ny fahafatesan'i Jesosy sy ny fitsanganany tamin'ny maty dia fandreseny an'i Satana sy ireo anjeliny (vakio ny Kolosiana 2. 15).

Na dia efa resy aza i Satana, dia mbola avelan'Andriamanitra hiasa ihany, kanefa tsy haharitra izany. Mandritra ny „fanjakana arivo taona", izay hanjakan'i Kristy etỳ an-tany, dia hofatorana i Satana „mba tsy hamitahany ny firenena maro intsony". Aorianan'izany dia hovahana vetivety izy, ka hitarika fikomiana iray farany (Apokalypsy 20. 2-3, 7). Ny „afo maharitra mandrakizay, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny", no ho anjarany mandrakizay (Matio 25. 41 ; Apokalypsy 20. 10).

Ry kristiana, mety hanafika antsika Satana, nefa afaka manohitra azy isika, satria „fantatsika ny hafetseny" (Jakoba 4. 7 ; 2 Korintiana 2. 11), ary manana ny fiadiana ara-panahy efa nomen'Andriamanitra antsika isika, amin'ny alalan'ny Teniny (Efesiana 6. 11). Ary indrindra, isika dia afaka miantehitra amin'ny vavaka ataon'Ilay Mpamonjy antsika, Izay niteny tamin'i Petera, indray andro, hoe : „Satana efa nilofo nitady anareo, hokororohiny toy ny vary. Nefa Izaho nangataka ho anao, mba tsy ho levona ny finoanao" (Lioka 22. 31, 32).